**NE SUPPOSEZ RIEN** (Groupe 1)

Nahoana aho no nanao ny asa maha-diakona.
Ny asan'ny mpitandrina no tena voalaza kanefa azo hitarina izany amin'ny asa maha-diakona, asa maha-filohan'ny sampana, asa-maha tompon'andraikitra isan-tsokajiny ato anaty Fiangonana.
Nantsoin'i Tompo isika hanao ny asa satria tena ilain'ny Fiangonana tokoa hitarika sy hiandry ny ondriny, tsy tongatonga ho azy izany fiantsoana izany.
Mety ho alaim-panahy isika hieritreteritra (supposition) fa noho ny asa samihafa efa nataontsika eo am-piangonana, na noho ny vola maro ho fanampiantsika ny Fiangonana, na ny adidy vitantsika, na ho fanohizana ny asan'ireo ray aman-dreny teo aloha, na ny fieritreretantsika fa mety mahay mitarika olona isika ka hahay hitantana Fiangonana, na ny fahaizana miteny; tsy noho ireny no antony fa tena antson'i Tompo tokoa ary izy no nifidy antsika.
Voalaza araka ny soratra masina ary fa tsy ny fanànana ireo toetra mety ho eritreretintsika fa ho tsara (supposition) no maha-mendrika antsika ho "diakona", fa ny hananantsika toetra manahaka an'I Tompo kosa no tokony ilaina.
Aoka ary isika hametraka fanontaniana amin'ny tenantsika ihany raha manana ireto toetra ireto izay tokony hananana raha hanao ny asa, toetra enina no voalaza ao amin'ny soratra masina:
-maniry hiantsoroka sy hanatanteraka ny adidy ianao
-manokan-tena hiasa ho an'Andriamanitra tokoa ianao
-mahay mampianatra soratra masina sy mizara izany ianao
-mahay mitondra tsara ny tokantrano sy ny fianakavianao ianao
-lehilahy vonona ianao
-kristiana efa matotra ara-pinoana ianao, miorina tsara ao amin'I Kristy

**1° Maniry hiantsoroka sy hanatanteraka ny adidy ianao (vous désirez assumer ce rôle) :**
Ny tenin'i Paoly Apôstoly no nametrahana ny fanazavana izay manao hoe:
*"Mahatoky izao teny izao: Raha misy olona maniry ny asan'ny mpitandrina, dia maniry asa tsara izy."* 1 Timoty 3: 1, ary koa hoe:
*"Andraso ny ondrin'Andriamanitra izay eo aminareo, mitandrina azy tsy an-tery, fa amin'ny sitrapo araka an'Andriamanitra."* 1 Petera 5: 2a
Mila faniriana, finiavana, fandava-tena ny asa fanompoana ary hatao amin'ny sitrapo fa tsy noho ny olona hafa mamporisika na miantso anao no hanaovana ny asa. Raha tsy izany dia ho mora reraka an-dalana eo am-panatanterahana ny asa ihany ianao, hihemotra na hitsoa-daharana.
Marihina koa fa ny asa fiandrasana ny ondry eto am-piangonana no niantsoana fa tsy afangaro amin'ny asan'ny mpitory teny (évangeliste) ny anjarantsika.

**2° Je fais preuve d'une consécration à Dieu** : à travers 4 critères de qualités
21. être irréprochable (Les gens trouvent en moi aucune reproche dans ma conduite ? ) 1 Tim 3.2 et 1Tim 3.7
22. être modéré (Est-ce que je fait preuve de maîtrise de soi ? face aux dépendances, durant des circonstances difficiles. .. ) Gal 5.22
23. être indulgent ( Suis-je quelqu'un de pacifique tout en ayant de l'autorité à l'église ? Ma relation face au pouvoir ) 1 Tim 3.3

24. être désintéressé (Quelle est ma relation face à l'argent ) 1 Pie 5.2

**3° Vous êtes apte à enseigner la Bible :**
Fanampin'ireo maso-tsivana efa voalaza teo aloha izany.
Ny tomponandraikitra dia :
- Tsy maintsy tia sy havanana amin'ny fampianarana Soratra Masina ary efa manana traikefa amin'ny fizarana Tenin'Andriamanitra.
- Olona mitory ny filazantsaran'Andriamanitra sy mahay ny foto-pampianarana kristiana ary ny Tenin'Andriamanitra tsy misy kilema hanoherana ny fampianaran-diso mety mitsoka avy ao anatiny na ivelan'ny Fiangonana ihany koa.

**4° Bien diriger sa famille :** Mahay mitantana ny fianakaviany
- Araka ny fiaraha monina : ny zavatra takiana amin'ny TPA dia
Vokatra ( résultat au profit de l'Entreprise)
Fomba fitantanany
Tsy miraharaha izay "vie personnelle"
- Araka ny Soratra masina
ITim 3 : 2 /Tit 1 : 6

1. Manambady tokana : Manaja ny fanambadiana kristianina/ Fifanajana/ Fifankatiavana

2. Loham-pianakaviana mahomby (père efficace) : 1Tim 3 : 4-5 modely, mahay mitantana, mitarika ny ankohonany, manana fanetre-tena, mahay mifandray amin'ny ankohonany (RAD sy zanaka) Efes 6 :4

3. Tia mampiantrano vahiny (hospitalier) : Tit 1 :8 Tia fiantràna, sociable

**5° Je suis un homme :**
Je suis un "homme", un évêque capable de prendre soin des paroissiens (comme sa famille) et de les instruire. Ep 5.22-6.24
Le poste spécifique d'ancien, comme d'un évêque, n'est pas un poste pour une femme selon le pasteur qui a écrit le livre. En faisant le corollaire avec la fonction d'un père de famille.
Être un ancien = remplir les conditions définies par 1 Tim 3.1-7

**6° Croyant mature** (Miorina tsara ao amin'i Kristy)
1 Tim 3:6
Ny TPA dia olona manana fahamatorana ara-panahy, resy lahatra marina amin'ny Filazantsara dia i Jesoa Kristy fa ny Tompo no niantso sy nifidy ary ny Fanahy Masina dia mitaona antsika ahantanteraka izay fikasan'ny Ray ao ambony rahateo.

**FAMINTINANA** "NE SUPPOSEZ RIEN"
Aoka isika tsy tonga dia hametraka na hifampitsara.
Jaona 15 :16
Andriamanitra efa manana planina sy ny fikasany ny amintsika tsirairay nantsoiny sy nofidiany ka anjarantsika ny manaiky na tsia.
MATOKY ANAO (AM)

Anjarantsika tsirairay amin’izay koa no mamaly raha ananantsika tokoa ireo toetra enina voatanisa eo ambony ireo.